HCC VAOVAO

Nanondrana sahady, nanova didy efa nivoaka

Nanondrana sahady ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, na HCC vaovao, nanova ny didy efa navoakany. Zavatra mbola tsy nisy nandritra izay 61 taona nahazoantsika ny fahaleovantena izay, hoy Me Hanitra Razafimanantsoa nandritra ny fandaharana Miara-Manonja omaly. Nanitsy ny fanapahan-keviny mahakasika ilay tolo-dalàna manova ny sata mifehy ny mpanohitra ny teo anivon'ity andrimpanjakana ity, ary tsy nametraka intsony ny fahafahan'ny mpanohitra ivelan'ny parlemanta, hisafidy olona iray na maromaro ho lehibe hitarika azy ireo.

Ao anatin'io fanapahan-kevitra io anefa dia mitazona hatrany fa mifanaraka amin'ny lalampanorenana io lalàna io. Voatazona ihany koa, fa ny lehiben'ny mpanohitra ofisialy dia mitarika ny fanoherana eny anivon'ny parlemanta irery ihany, fa tsy ny any ivelan'ny parlemanta.

Ho solombavambahoaka voafidy ao anivon'ny Antenimierampirenena ihany arak'izany no ho lehiben'ny fanoherana ofisialy, fa tsy olona nosafidin'ny vondrona politika mpanohitra, ka handray ny toerana filoha lefitra ao anivon'izany andrimpanjakana mpanao lalàna izany, ary hisitraka ireo zo sy tombontsoa voafaritry ny lalàna.

Marihina fa tao anatin'ilay lalàna teo aloha, dia tsy voatery ho solombavambahoaka ny lehiben'ny mpanohitra, fa rehefa voasafidin'ny vondrana politika mpanohitra ity farany dia afaka mandray izany toerany izany eny anivon'ny antenimierampirenena. Tsy fahafehezana lalàna ve no nahatonga ireo mpitsara avo ao Ambohidahy nivadibadika toy ny andro ririnina, na nivadibadika toy ny lela may izay? Fehiny, nanondrana sahady ny ao amin'ity andrimpanjakana ity, mbola taona maromaro anefa ny fotoampiasany, misy sahady ireo mpanao politika nanambara fa sao tokony dia ho ravana ety am-piandohana ity andrimpanjakana ity, mba tsy ho fototry ny korontana ho avy eto amin' ny firenena, satria raha toy izao hatrany ny fanapahan-kevitra raisiny, tsy maintsy hiafara amin'ny korontana izany, satria hita mibaribary sahady ny fitanilany, na ny toa tsy fahafehezany ny lalàna misy!

Ny sary famantarana ny HCC etsy Ambohidahy.

Isambilo

Arlette R. sy Me Olala

Ravao ny lalampanorenana rehefa tsy hajaina

Mivaralila ny didy navoakan'ny HCC farany teo mahakasika ny sata mifehy ny mpanohitra hoy ny mpitsara iraisam-pirenena Arlette Ramaroson sy ny mpisolovava Me Olala, nitafa tamin'ny mpanao gazety ny talata teo tetsy amin'ny Hotel Colbert Antaninarenina. Fanapenam-bava ny mpanohitra no tiana hahatongavana hoy ny mpitsara iraism-pirenena teo aloha Arlette Ramaroson, fanitsakitsahana ny demokrasia ihany koa ary fanosihosena goavana ny lalampanorenana, na violation grave de la constitution. Nitondrany fanazavana fa ny lalàna tsotra, na ny lalàna fehizoro dia tsy ahafahana manova izay voarakitra ao anaty lalampanorenana, ho an' izay te-hanao izany araka ny fanazavan'izy ireo dia amin'ny alalan'ny fitsapan-kevibahoaka, na référendum ihany. Arak' izany, ny voarakitra ao amin'ny lalampanorenana hoe Vondrona Politika mahakasika ny sata mifehy ny mpanohitra dia tsy azo ovana ho : Vondrona Parlemantera, fa fanitsakitsahana ny lalampanorenana ny fanaovana an'izany. Nitondrany fanazavana avy eo ny fampahatsiahivana ny zon'ny mpanohitra araka ny lalampanorenana ao amin'ny lalàna 2011-013 tamin'ny 9 septambra 2011, izay efa nankatoavin'ny HCC. Nitondrany fanamarihana koa : ny fanapahan-kevitra navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana momba ny Satan'ny Mpanohitra 2021-06, izay tsy manaraka ny lalampanorenana. I Me Willy RAZAFINJATOVO na Olala kosa dia nilaza fa : HO MAY NY AFO NATSANGANY IO FITONDRANA IO". Tsy misy olona na iray aza hoy izy afaka manova ny lalampanorenana, raha tsy avy amin'ny alalan' ny référendum. Tsy azo ihodivirana ny maha lehibe ny mpanohitra ny Filoha Marc Ravalomanana, satria izy no nahazo vato betsaka indrindra. Hiteraka olana goavana eto amin'ny tany sy ny firenena ny filazana fa tsy maintsy olom-boafidy ao amin'ny antenimierampirenena no ho lehiben'ny mpanohitra, hoy ihany ity mpisolovava ity. Raha ny voalazan'ny lalàna, dia izay kandidà filoha tsy lany tamin'ny fifidianana farany no apetraka ho lehiben'ny mpanohitra. Tsy izany anefa no miseho ankehitriny, fa mitady tombontsoa manokana ho azy ny mpitondra, ka nanova izany ary nolanian'ny HCC. Rehefa tsy ho hajainareo mpitondra ihany io lalampanorenanana io, aleo ravana izany lalampanorenan'ny Repoblika faha-4 izany hoy ihany ny fanambarana.

Arlette Ramaroson (ankavia), sy Me Olala (ankavanana), nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy amin'ny Hotel Colbert Antaninarenina.

Isambilo

Mpiasan'ny Paositra

Mitokona, mitaky ny fialan'ny ministra

Omaly alarobia 30 jona 2021 vao maraina dia tazana teny Antaninarenina ny sorabaventy, izay nataon'ny mpiasan'ny Paositra Malagasy. Izy ireo izay mitokona ka mitaky ny fialan'ny minisitra, Ramaherijaona Andriamanohisoa.

Nambaran'ireo mpiasa ireo fa tsy manaiky ny tsy fahaiza-mitantana. Ny fanovana ny « sata » ho jadona mifehy azy ireo. Tsy manaiky amin'ny fampandoavana vola amin'ny tetikasa tsy mampidibola ho an'ny Paositra. Nilaza ireo mpiasa fa manana sata manokana ny paositra izay voafaritra ao anatin'ny «loi 93 001», ka tsy tokony hisy lalàna hafa tokony hampiharina.

Antsoantso nataon'ireo mpiasa nandritra ny grevy nataony ny hoe: «Non » amin'ny tsy fahaiza-mitantana, « Non » amin'ny fanovana ny « sata » ho jadona, « Non » amin'ny fampandoavana vola amin' ny tetikasa tsy mampidibola ho an'ny Paositra.

Ny sasany amin'ireo mpiasa nitokona tetsy Antaninarenina.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Politikam-pitantanan'ny fitondrana
Tsy mena-mivadika toy ny andro ririnina

Misasaka sahady ny taona 2021, miditra sahady amin'ny volana fahafito amin'izao taona diavina izao isika. Volana mbola ao anaty vanim-potoanan'ny ririnina anjakan'ny hatsiaka izay mbola mamirifiry na ny maraina na ny hariva na dia misy hafanana ihany aza ny misandratr'andro sy atoandro. Fotoana izany anjakan'ny fivadibadiky ny andro, ka mby amin'ilay fitenenana malagasy hoe « Tsy mena-mivadika toy ny andro ririnina ». Dia toy izany koa no hita taratra eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena ankehitriny. Miseho lany ny fivadibadihana amin'ny teny natao ao anatin'izao fitondrana izao. Porofo iray lehibe amin'izany, ny fandaniana ny lalàna teo anivon'ny antenimiera roa tonta ary neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ny mikasika ny satan'ny mpanohitra sy ny toerany eo anivon'ny antenimieram-pirenena. Nabaribarin'ny mpanohitra sy ny mpahay lalàna, fa fanosihosena tsotra izao ny Lalampanorenana izay nanaovana fianianana imasom-bahoaka, fa hohajaina tahaka ny anakandriamaso. Teo ihany koa ny teny nambara nidedahana nandritry ny fifanatrehan'izy kandidà roa farany hiditra tamin'ny fihodinana faharoa tamin'ny fifidianana filoham-pirenena. Niniana nikimpian'ireo solombavambahoaka maro an'isa sy lazaina ho loholona izany ary hatrany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Nivadika amin'ny teny nambara sy ny voarakitra an-tsoratra.

Izany ve no ho fitsipi-dalao sy lesona ampianarin'ireo olona eo amin'ny fitondrana mitana ny fahefana amin'izao fotoana izao, ho an'ny olom-pirenena sy ny vahoaka Malagasy eto amin'ity firenena ity? Izany indray ve no hitaizana ny zanaka Malagasy eto manomboka izao?

Ho leson-dratsy indray koa izany, hanampy ny efa nitranga tamin'ny taona 2009-2010 teto, hitaizana ny vahoaka. Ny voarakitra an-tsoratra sy saropady nifanarahana izao, sy ny teny nambara ampandaniana ny tena amin'ny fifidianana no ialàna fotsiny tsotra izao amin'ny alalan'ny paipaik'ady politika tsy voadinika lalina. Efa tsy nahasoa ny firenena ny zavatra natao tao anaty tetezamita amin'ity resaka lalàna ikendrena olon-tokana ity. Niteraka olana ho an'ny firenena izany taty aoriana, dia izao mbola tohizana izao ihany io fomba tsy mahomby io.

Tsy nahataitra ny mpanara-baovao loatra ny amin'izay fanapahan-kevitry avoakan'ny Hcc, vantany vao nisy ny fanendrena ireo olona samihafa ho mpikambana ao anatiny. Efa voaresaka tamin'izany fa ny olona fotsiny no nisolo fa ny zava-misy volan-kankafotra. Mby ihany koa amin'ilay fitenenana momba ny maloton'omby na avadibadika eo tsy miova. Dia efa manomboka io sahady ve izany ny porofo manambara izany, izay io no asa nataony voalohany? Raha izay tokoa, tsy ho afaka amin'ny lalan-dratsy feno kitoantoana noterena hodiaviny ity firenena ity.

Sôh'son